# Gazetiko

www.gazetiko.mg

Laharana 7476 Taona faha-24 Vidiny: 500 Ariary Gazety mivoaka isan'andro Sabotsy 21 janoary 2023


## ANKADIKELY 4

# LEHILAHY HITA FATY NITSIRARA TAMIN'NY ARABE, VAKY NY LOHANY

## MARINA IZANY ! 7

### NANDRAVARAVA !

## Tsaroako ilay... 2

## MIALY (LEVELO)

### NIANJERA TAMIN'NY BISIKILETA TANY ANTSIRABE



## KITRA - CHAN 2022 3

### "TSY MANAN-TSAFIDY FA MILA MANDRESY NY BAREA", HOY I RÔRÔ

## FANOVANA NY GOVERNEMANTA 7

# "TOMPON'NY TENY FARANY NY FILOHAN'NY REPOBLIKA", HOY NY PM NTSAY CHRISTIAN



## BONGOLAVA-TSIROANOMANDIDY 7

### MITAKY NY FIALAN'NY GOVERNORA NY VAHOAKA

## RIVODOZA CHENESO 8

### NISY MATY 1, NIAKATRA 2 684 IREO TRABOINA

## CA-OMDA 2

### AHIANA HIKORONTANA NY FIFIDIANANA AMIN' NY TALATA IZAO






Filan-kevi-pitantanan'ny Omda

# Ahiana hikorontana ny fifidianana amin'ny talata izao

*Ny fomba sy ny toetra entina manatanteraka ilay fivoriambe dia efa miendrika fampisaraham-bazana ny artista araka ny fahitan'i Samoela azy.*

«*Tsy mankasitraka io fikarakarana fifidianana io izahay. …Ho avy izahay dia ho hita eo fa any izany no hahafahana mifampiresaka dia aleo hifampiresaka* ». Anisan'ny teny nambaran'i Samoela, filohan'ny filan-kevi-pitantanan'ny Omda teo aloha io, raha nitafa tamin'ny mpanao gazety omaly. Nambarany hatrany, fa resabola no olana kanefa tsy hivaha izany raha tsy tafapetraka ny talen'ny Omda. « *Ny fifidianana mpikambana sy filohan'ny filan-kevi-pitantanana tokony halamina fa tampoka loatra. Efa manana tetiandro ny Omda izay tokony harahina. Talata na alarobia amin'ny herinandro fahatelon'ny volana febroary no hanatanterahana izany fifidianana izany* », hoy ihany ny fanazavany. Nohamafisiny hatrany, fa tsy mandà ny hisian'ny fifidianana ireo mpikambana tao anatin'ny filan-kevi-pitantanana teo aloha, izay nosoloan'izy sy Jaojoby tena omaly. Saingy ny fomba entina hanatanterahana izany, izay maimaika no tsy levon'ny vavonin'izy ireo mihitsy ka nahatonga azy ireo nanao fanambarana omaly.

**Nanentana**

Araka ny nambaranay etsy ambony. Ho avy tokoa ireo artista nanara-dia an'ireto mpikambana teo anivon'ny filan-kevitra teo aloha sy ireo mpikambana eo anivon'ny sendikan'ny mpanakanto amin'ny talata 24 janoary io. I Jaojoby rahateo, nanentana ny artista rehetra ho avy amin'io fotoana io omaly : « *Hiroso amin'ny fivoriambe amin'ny talata 24 janoary isika. Tongava, ento ny karatra fa izay manana karatra ihany no mahazo mifidy* », hoy izy. Etsy ankilany, nambarany fa tsy maintsy mitabataba izy ireo noho ny tsy rariny mahazo azy ireo. Efa nolanian'ny depiote rahateo ny tolo-dalana narafitr'izy ireo fa ny senatera sisa andrasana handany azy dia mankany amin'ny fitsarana avo momba ny lalampanorenana avy eo. « *Manantena fa handresy ny rariny ary bala farany io manambitamby io* », hoy ihany izy. Andrasana araka izany ny zavatra hitranga mandritra io fivoriamben'ny artista amin'ny talata io. Ho raikitra ve ny fifidianana ? Raha raikitra ho eken'ny rehetra ve izay lany eo ?

**Fy**

Fifaninanana Hay fy sy nahandro

# Laharana faha-4 maneran-tany ny ekipa Malagasy

Fanamby lehibe no napetraky ny ekipa Malagasy niatrika ny tompondaka eran-tany eo amin'ny hay fy sy Nahandro tany Lyon France. Na dia teo aza ny olana teo amin'ny fitantanana ny fotoana, dia afaka nanolotra ny zavatra tsara mampiavaka an'i Mdagasikara ry Chefs Fenasoa Rahajamalala sy Bodo Rakotovao avy ao amin'ny " Marais Restaurant Madagascar". Chef Lalaina Ravelomanatsoa moa no nanome tan-tsoroka azy ireo ka amin'ireo firenena 12 nandray anjara dia nahazo ny laharana faha-4 ny solontenantsika. Ny 17 janoary no nanomboka ny fifaninana ka tamin'io andro voalohany io



**Tsy nitsanga-menatra ny ekipa Malagasy notarihan'ny Chef Lalaina Ravelomanatsoa.**

no nisafidianana ireo akora sy hanitra ary sakafo sy ny haingony entina mifaninana ka ny alin'ny zoma teo no nanehoan'ny mpandray anjara rehetra ny sanganasany. Endrika sakafo karazany efatra miisa enina no tsy maintsy naroso teo amin'ireo mpitsara izay nanomboka amin'ny sakafo fanokafam-bavony hatramin'ny tsindrin-tsakafo. Tsy nitsanga-menatra nanoloana ireo firenena hafa isika na dia laharana faha-4 aza nahazo isa 1511. Ny Firenena Tcheque no laharana faha-3 tao alohan-tsika nahazo isa 1567 raha ny Etazonia no voalohany nahazo isa 1770 ary Frantsa no faharoa nahazo isa 1637. Ny amboara iraisam-pirenena momba ny hay fy sy nahandro dia iray amin'ireo fifaninanana gastronomika malaza indrindra eran-tany noforonin'ny kaonfederasiona nasionalin'ny Charcutiers-Caterers sy Caterers, fikambanana frantsay tamin'ny taona 2008.

**Tiaray R**

Tann Faya

# Namoaka ny "ozona.2.0"

Mitohy indray ny tantara, nivoaka indray izao ny "ozona 2.0" an'i Tann Faya. Omaly izany no efa navoakany tamin'ny fomba ofisialy ary efa azo jerena ao amin'ny "you tube" ao. Raha tsiahivina tamin'ny efa-taona lasa izy no namoaka ny hirany mitondra lohateny hoe "ozona", io voalohany, hiram-pitiavana izay somary hafakely satria dia maniry ratsy olon-tiana izay niarahana taloha izy io ary dia maro no liana nihaino izany



**Mbola miketrika vokatra hafa indray izy amin'izao.**

amin'ny maha hira tsy faheno azy mihitsy. Raha araka ny hita sy re amin'ireny hirampitiavana ireny mantsy dia firariantsoa na koa fitoriana fitiavana, eo koa ny malahelo ara-pitiavana no betsaka fa ny azy kosa dia niala tamin' izany mihitsy sady ny mifanohitra no nohirainy. Izay no nahasarika ny olona hihaino izany. Nambarany moa fa tsy tantaram-piainany araka izay heveran'ny olona azy io hira io fa niainga tamin'ny tantaran'ny olona iray izay sendra voadonampitiavana. Ao anatin'ity andiany faharoa ity izy dia mbola manamafy izay ozona ataon'izay. Ho an'ny omaly fotsiny, efa nahatratra 300 mahery ny olona nijery izany tao amin'ny "you tube", 30 minitra taorian' ny nivoahan'ilay hira. Ity no vokatra voalohany amin'ity taona ity ho an'i Tann Faya ary mbola mampanantena zavatra hafa maro be koa izy aoriana kely ao.

**Tanya.R**

Eric Rakotoary

# Hitondra ny mozika Pop sy Jazz eny Faravohitra

Hifanindran-dalana amin'ny mozika Pop eny amin'ny Far west Faravohitra ny mozika Jazz anio alina hanomboka amin'ny 8 ora. Ilay mpitendry gitara beso malaza Eric Rakotoary, hotronon'i Gérard Ratsimiseta amin'ny gitara, Titi Razakamiadana amin'ny saxophone ary Mihaja Rakotoarisoa amin' ny amponga maro anaka. Hamerina indray ireo hira malaza sy mitondra aingampanahy izy efa-dahy amin'io fotoana io ary tsy handiso fanantenana ho an'ireo izay mpankafy mozika. Mandritra ity takariva ity, ireo hira malazan'ny taona 60 ka hatramin'izao no hifandimby ary hisongadina amin'izany ny Pop sy Jazz Frantsay. Fa ankoatra izany dia efa nanomana lisitra hira Malagasy maro ihany koa izy ireo ary hitety vanim-potoana maro izany ka hahazo tombony avokoa ny sokajin-taona rehetra. Mifanaraka tsara amin'ny endriky ny Tanana sy ny haingo mandravaka azy ihany koa ity fampisehoana ity. Tahaka ny mahazatra indrindra ho an'ireo izay efa mpanjifa ao amin'ny Far West dia misy hatrany ny sakafo sy kitonotono ary ireo zava-mpisotro maro isankarazany mampiavaka azy ireo. Nataony hanomezana fahafahampo ny rehetra izany hanomezana ambiansy ny fampisehoana.

**Tiaray R**

**HOTSAKOTSAKOINA**

"Ao anaty tabataba seranim-pahanginana no ahitana filaminana."

Ny Vetso (15.11.13)

**Tsaroako ilay...**

Mialy (Levelo)

# Nianjera tamin'ny bisikileta tany Antsirabe

*Mialy, zanak'i Levelo. Mpanentana fandaharana, tao amin'ny Tvm no tena nahalalàna azy, rehefa izany nanentana tao amin'ny Rdj ary amin'izao fotoana niverina nanentana amin'ny televiziona indray izy, ao amin'ny malagasy tv. Hitantara sombim-pahatsiarovany izy anio :*



**Narian'ny alika ny sakafony**

Teny Itaosy no tanana nahalehibe sy nikolo ny fahazazan'i Mialy. Anisan'ny nanamarika ny fahazazany ny fitiavany alika. Nanana alika kely be dia be izy tamin'izany. Tia sangy be ireo alika ireo, ka rehefa tsy ao an-trano izy, dia arian'ireo alika moramora ny voamadilo ; mofo mangahazo, poa-katsaka …ireny no ody am-bavafo tiany tany am-pianarana tamin'izany.

**Nazeran'ny bisikileta**

Mahafinaritra an'i Mialy ny mandeha miala sasatra any Antsirabe, fony fahazaza. Izy sy ny rahavaviny (zanaky ny iray tampo tamin'ny reniny) no mpiaraka milalao. Indray andro, notereny hoentina amin'ny bisikileta ity farany. Nidina fidinana izy roa vavy, nefa tsy mahay mitondra bisikileta akory izy tamin'izany. Niakarapodrapoka be izy roa nefa ny nahagaga dia tsy naninona.

**Nisakafo tany amin'ny sekalina**

Mbola izy mirahavavy voalaza etsy ambony ihany no niaraka indray mandeha. Tiany foana ny manandrankandran-javatra io. Nentiny nisakafo tany amin'ny sekalina ( fisakafoanan'ny sahirana tamin'izany) ilay zandriny. Faly ery izy roa nihinana lasopy mangahazo miaraka amin'ny legioma sy katsaka tamin'izany. Faly ery nitantara rehefa tonga tany an-trano, kanjo bedin'ny bebeany fa manala baraka hono.

**Be tabataba am-pianarana**

Tany am-pianarana, anisan'ny mahavoasazy matetika any am-pianarana ny fihomehezana sy ny fitabatabàna ao andakilasy. Mampiavaka azy rahateo ny fitiavana namana, be vazivazy ary matetika tsy mahatana fihomehezana.

**Tia misakafo dia tsy mety mahia**

Ny misakafo no ankafizin'i Mialy indrindra amin'ny fiainana. Tanjony hatramin'izay anefa ny hanana vatana manify. Tsy mety tratrako hatramin'izao ny fitiavako misakafo, matetika mijery ireny zavatra mampahia ireny fa very maina fotsiny.

**Nangonin'i Fy**

Kitra - CHAN 2022

# "Tsy manan-tsafidy fa mila mandresy ny Barea", hoy Rôrô

*Fandresena na ady sahala dia ampy hahazoany ny toerana voalohany ao amin'ity vondrona ity.*

Tsy manan-tsafidy isika, fa mila mandresy an'i Soudan amin'ny alatsinainy 23 janoary izao, lalao tafiditra amin'ny fiadiana ny CHAN 2022, taranja baolina kitra. Io no nambaran-dRakotondrabe Romuald, mpanazatra ny Barea omaly, taorian'ny nandresen'i Ghana 3 no ho 1 an-dry zareo Soudan. « Hanamarinana ihany koa fa tsy kisendresendra no nandresentsika an' i Ghana teo amin'ny andro voalohany iny », hoy izy izany. Nohamafisin'i Rôrô, fa « raha tiana ny hiakarana any amin'ny ampahefa-dalana, dia mila mampiseho fa tena mendrika antsika izany, satria nahazo fandresena roa tamin'ireo lalao roa natao ». Na izany aza, nilaza ity mpanazatra ity, fa tsy ho mora ny miandry saingy azo atao kosa anefa rehefa ao ny fahavononana ara-tsaina. « Ezahana alaina sy tadiavina ilay fandresena », hoy hatrany i Rôrô fa tsy ho azoazo sy hitahita fotsiny ». Hatreto ihany koa, salama tsara daholo ny mpilalao, raha ny nambarany, tsy misy ny maratra. Mahakasika ny mety ho mpifanandrina miandry antsika indray any amin'ny ampahefa-dalana, raha tahiany ka mahazo ny tapakila ny Barea, dia na Mozambika na Etiopia, fa i Mozambika no betsaka kokoa ny herijika amin'ny hifandona aminy. Nohamafisin'ingahy Rôrô kosa, fa tsy misy lalao mora izany intsony izao, fa mampanantena kosa izy, fa hiezaka sy hanao izay fara-heriny ny Barea. Taorian'iny fandresena azon'i Ghana teo iny, hiankina tanteraka amin'ny vokatry ny fihaonan'ny Barea sy Soudan ny ao amin'ity vondrona ity, ka ankoatran'ny fandresena sy ady sahala eo amin'ny roa tonta, izay avy hatrany dia tafavoaka voalohany ny Barea, dia ny fahareseny amin'ny elanelan'isa 2 no mety hampihintsana azy, izay hivavahana mafy ny tsy hitrangan'izany. **Rabenaivo**



**Izy no Rakotondrabe Romuald, na i Rôrô.**

SESAM - Andiany fahatelo

# Hahazo amboara sy lelavola ny Dojo sy atleta mendrika



**Nandritra ny fampahafantaran'ireto mpikarakara ireto omaly, ny fisian'ny hetsika andiany fahatelo.**

Ho raikitra amin'ity taona 2023 ity ny andiany fahatelo, amin'ny SESAM (Sport Extrême et Salon des Arts Martiaux). Io no nambaran'ny mpikarakara ny hetsika, omaly tetsy amin'ny espace Akuna Alasora. Nampahatsiahivin-dRatsimiseta Tsiry, fa tamin'ny 2019 no nisy ny andiany faharoa, ka izao indray vao mitohy izany. Mbola anatin'ny fifampiresahana amin'ireo tomponandraikitra ny toerana kosa izy ireo, na ao amin'ny kianja Barea na eny amin'ny Lapan'ny Kolontsaina sy Fanatanjahantena, ka hiankina amin'izany no hahafantarana ny daty hanatanterahana azy ity, fa ny efa azo antoka, dia ny faraparan'ny volana avrily na ny fiandohan'ny volana may no hizorany. Hisy moa ny tranoheva, hampirantian'ireo taranjam-panatanjahantena mpandray anjara, mandritra ny hateloana hizoran'ny hetsika. Isakin'ny tapakandro hariva kosa dia misy ny « démonstration », handraisan'ireo mpampiranty anjara. Hampiavaka ity andiany fahatelo ity, hoy hatrany i Ratsimiseta Tsiry, ny fanomezana amboara sy lelavola ho an'ireo dojo mendrika sy atleta niavaka indrindra. Nambaran'i Maître Edouard, fa tena ezahana ho matihanina tanteraka ny amin'ity, ary hampisehoana ny maha-samihafa ny « arts martiaux » taloha sy ny amin'izao. Mila mampiseho ihany koa ireo mpampiranty rehetra, hoy izy fa tsy ilay gaboraraka be ireny no ho hita amin'io fa tontolo hafa mihitsy. Tsy mijanona ho fampisehoana fotsiny ihany moa izy ity, fa hitaizana mihitsy ny fiarahamonina, raha ny nambaran'i Tsiry, izay indrindra no hanaovany fambolen-kazo amin'ny 25 febroary eny Ambohimanga Rova, hanasany ireo rehetra handray anjara amin'ny hetsika SESAM. Raha hiverenana ity andiany fahatelo ity, ankoatra ny eto Antananarivo, nasain'ny mpikarakara ihany koa ny avy any Mahajanga, Toamaina ary Antsirabe.

**Rabenaivo**

Karaté - " Open de Paris "

# Malagasy iray ihany no mandray anjara amin'ny fifaninanana

Eo amin'ny haiady karate dia vehivavy Malagasy iray no miatrika ny fiadiana ny tompondakan'ny "Open de Paris", izay nanomboka omaly ka tsy hifarana raha tsy rahampitso alahady. Tsy hiaro ny voninahi-pirenentsika no niatrehan'i Junco Rakotobe ny fifaninanana any France fa ho an'ny nosy La Réunion, izay handratoany fahaizana sy fahalalana amin'izao fotoana izao. Eo amin'ny sokajindanja latsaky ny 50 kilao no hifaninanan'i Junco, izay tsy iza fa zanaky ny Senseï Charlie, mpikatroka manana ny lazany fahiny tamin'ny karate, ary efa nanatevindaharana ny ekipam-pirenena Malagasy tamin'ny fifaninanana iraisam-pirenena nandraisan'i Madagasikara anjara fahiny. Nahazo fanasana amin'ny fandraisana anjara amin'ity fifaninanana ity ny mpikatroka 11 avy eto Madagasikara, izay eo ambany fitarihin'ny federasionina tantanin'Atoa Emile "Vazaha" Ratefinanahary, fa saingy tsy nahazo "visas" dia nijanona. Momba ny tsy fahazoana an'izay "visas" izay indrindra dia noho ny olana eo amin'ny "Certificat de Conformité" sy ny "Certificat de Fonction" mbola tsy nomen'ny Minisiteran'ny Tanora sy ny Fanatanjahantena an'i Emile "Vazaha", lany tamin'ny fifidianana natao tamin'ny volana oktobra 2022 tany Fianarantsoa ary efa nankatoavin'ny MJS. Ampatsiahivina fa afakomaly dia tonga teny amin'ny trano fiasan'ny MJS eny Ambohijatovo ny ekipan'ny federasionina vaovao, nikasa hihaona amin'ny Tale Jeneralin'ny MJS fa saingy tsy tao an-toerana ity farany. Mikasika an'izany indrindra dia mbola hivory ireo ligim-paritra, hanohy ny hetsika amin'ny fitakiana an'ireo taratasy ireo.

**aris rafaly**

Basket - SBBAR

# Hangotraka ny fiadiana ny tompondakan'ny taom-pilalaovana 2023

Na dia hisantatra ny andro voalohany amin'ny fiadiana ny tompondakany aza ny " Section de Basket-Ball Antananarivo Renivohitra " amin'izao faran'ny herinandro izao, dia efa nisy lalao fifanintsanana tamin'ny sokajy hafa, notanterahina tamin'ny herinandro lasa teo iny, iray andro taorian'ny lanonam-panokafana ny taom-pilalaovana, teny amin'ny kianja mitafon' i Mahamasina. Amin'ity taom-pilalaovana ity dia azo lazaina fa hangotraka ny fiadiana ny tompondakany 2023. Hita taratra izany nandritra ny lalao famaranana " Inter-saison / Coupe de Noel " teo iny, izay azo kilasiana ho toy ny matihanina ny fikarakarana nataon'ny SBBAR. Marihina fa kianja efatra no handraisana ny lalao fifanintsanana anio (sabotsy 21/01/23).



**Mivoatra ny fifaninanana karakarain'ny SBBAR !**

Tahaka izao ny fizotran'ny fandaharan-dalao : *Kianja Mandro-seza* : 7 ora 30 : "N1BH"/ Ambb#Tacbb (A); 9 ora : "VETH"/Gbbc#Bbc (D); 10 ora30 :"U16F"/Mb2All# Bfft (A); 12 ora: "U14G"/Soe# Nbe (B); 1 ora : "N1BH"/Nbe# Soe (D); 2 ora 30: "N1BH"/ Asa#Assm (B); 4 ora : "U16G"/ Assm#Cosfa (B) – *Kianja Firaisana Ambohimanarina* : 7 ora 30:"N1BH"/ Esi#Ujb (C); 9 ora: "N1BH"/Cosfa#Akamasoa (C); 10 ora 30: "U14F"/ Akamasoa# Lucadro (D) ; 11 ora 30 : "N1BH"/Akbb# Fandrefiala (B) ; 1 ora : "VETH"/ Bbcm # Bcr (C) ; 2 ora 30 : "N1BH"/ Lucadro # Maroliona (B) ; 4 ora : "VETD"/Bcr # Asbm (B) ; *Kianja Toby* : 7 ora 30: "U18G"/ Ast # Gnbc (C) – "U18G"/ Mb2all # Assm (A) ; 9 ora : "U14F"/ Cosfa # Fbc (C) – "U18G"/ Ambb#Bfft (A) ; 10 ora 30 : "N1BH"/ Ambb # Bcr (A) – "U18G"/Akbb # Dtsc (B) ; 12 ora "U16G"/ Bcr # Mb2All (D) – "U18G3/ Gnbc # Jcba (C) ; 1 ora 30 : "N1BH"/ Asa – "VETD"/ Tafaray # Bbc (A) # Akbb ; 2 ora 30 : "N1BH"/ Assm # Maroliona ; 4 ora : "N1BH"/Lucadro # Fandrefiala - *Kianja Ste Famille* : 7 ora 30 : "N1BH"/ Ujb#Cosfa (C) ; 9 ora : "U18G"/ Cosfa # Ast ; 10 ora 30 : "N1BD"/Mb2All # Aca ; 12 ora : "N1BH"/ Soe " Gio Sao ; 1 ora 30 : "N1BH"/Nbe# Jap Mada (D) ; 3 ora : "N1BD"/ Jap Mada # Gio Sao.

**aris rafaly**

PETITES ANNONCES Gazetiko

MIVIDY

* Miora. Mividy kojakoja, fanaka, kiraro, poketra, debara sns. Tél : 034.22.160.88 / 033.72.834.38. (G-BA 433/20-16)

* Fanaka, frigo, congélateur, chaîne, télé, an-dakozia etc...Tél : 034.74.225.75 / 033.25.796.88. (G-BA 439/20-13)

* Frigo, congélateur, fanaka, machine, kojakojan-dakozia... Tél : 033.11.173.27 / 032.40.056.16. (G-BA 438/20-13)

* Fanaka, frigo, congélateur, salon, bahut, armoire sns. Tél : 034.20.405.10 / 033.11.785.44. (G-BA 438/20-13)

COURS

* Cours de coiffure accéléré tsisy écolage afaka misafidy fotoana ianarana. Tél : 034.51.209.99. (G-BA 434/20-15)

VIDANGE

* Vidange fosse septique, puisard Makiplast, wc perdu, wc gasy. Tél : 033.21.723.00 / 034.20.084.25. (G-BA 445/15-5)

Tsiroanomandidy

# Vehivavy maty voatifitra, mbola tsy fantatra ny namono azy

*Tranga famonoana vehivavy faharoa niseho tao anatin'ny telo volana tao amin'iny faritra iny.*

Mandeha ny fikarohana ny olona nahavanon-doza tamin'ny raharaha famonoana nahafaty vehivavy iray avy ao Miarinarivokely fokontany Fiakarantsoa Kaominina Bemahatazana distrikan'i Tsiroanomandidy, afakomaly. Maty voatifitra io vehivavy io saingy hatreto dia tsy fantatra izay nanatanteraka ilay asa ratsy. Basim-borona no nampiasana namonoana an'ilay olona, izay voaporofo tamin'ny fahitana ny bala niparitaka teo amin'ny toerana nisehoan'ny fitifirana.

**Lasibatra**

Araka ny angom-baovao dia faharoa tamin'ity ny tranga famonoana vehivavy niseho tao anatin'ny telo volana tao amin'iny faritra iny. Vehivavy avokoa no lasibatra ary vokatry ny tifitra ny fomba famonoana azy ireo. Ny mahavariana dia tsy misy fandrobana na fanafihana fa vono olona tsotra izao no ataon'ireo olon-dratsy. Vao niseho ity raharaha ity dia nampandre mpitandro filaminana ny kartie mobily. Voalaza fa vehivavy mipetradrery ity nisy namono ity ary tokony tamin'ny 10 ora alina tany ho any no namonoana azy. Raha vao nandre izany ny zandary dia nidina avy hatrany teny an-toerana nanao ny fizahana sy ny fikarohana ny nahavanon-doza. Hatreto aloha dia miroso ny fanadihadiana saingy mbola tsy nahitambokany.

**Ariel D.**

Ankadindravola

# Tovovavy mpanampy tsy hita popoka, nilaza fa nisy naka an-keriny

Tovovavy 20 taona iray niasa taman'olona no tsy hita popoka izay nalehany afakomaly teny Ankadindravola. Nony nantsoin'ilay mpampiasa azy tamin'ny findainy anefa izy taorian'izay dia nilaza fa nisy naka an-keriny ary nolazainy fa tsy fantany ny toerana misy azy. Araka ny fanazavana azo avy amin'ny mpitandro filaminana dia mandeha manangona versement hofan'elo any an-tsena no asan'ity tovovavy ity isan'andro. Rehefa avy maka izany vola izany izy, izay mitentina telo alina ariary, dia mandeha mody any amin'ilay olona hiasany manatitra ilay vola ary amin'ny 5 ora hariva eo foana ny fotoana fahatongavany any amin'ilay trano. Tamin'io afakomaly io anefa efa tapitra ihany ny fotoana tokony nahatongavany kanefa dia mbola tsy nody mihitsy ity mpanampy ity. Rehefa nantsoina izy dia nilaza fa nisy naka an-keriny. Taorian'izay, nony tonga ny tamin'ny 7 ora hariva dia naverina nantsoina ilay finday fa naneno fotsiny teo tsy nisy nandray intsony. Araka ny fanazavana azo hatrany dia tsy tao ny kara-panondrony rehefa nosavaina ny entany. Fantatra fa efa aman-taonany no niasa tao amin'ilay mpampiasa azy ity tovovavy ity fa tsy nisy olana mihitsy teo amin'izy ireo nandritra izay. Telo andro mialoha io tsy nahitana azy io no nisy solosaina very tao amin'ilay trano.

**T.H**

Alatsinainy Bakaro

# Niakatra fampanoavana ilay lehilahy niteraka tamin'ny zanany

Zava-doza no niseho tany Alatsinainy Bakaro ! Raimpianakaviana iray no voarohirohy ho nahavita niteraka tamin'ny ankizivavy 17 taona izay fantatra fa zanany naterany ihany. Ny alarobia lasa teo no tonga tany amin'ny zandary nitantara ny zavatra nanjo azy ity tovovavy ity. Nilaza izy fa naolan'ny rainy nandritra ny telo taona ary amin'izao fotoana izao dia efa niteraka zazalahikely ihany koa izy ireo, araka ny fanazavana azo avy amin'ny mpitandro filaminana. Tsy fantatra mazava izay antony nahatonga io rainy io ho nahavita izao fihetsika mamohehatra izao tamin-janany. Taorian'io fampandrenesana nataon' ilay vehivavy io dia nandray ny andraikitra avy hatrany ny zandary ka nosamborina afakomaly ilay rainy. Rehefa vita ny famotorana teny anivon' ny mpitandro filaminana mikasika ity raharaha ity dia natolotra ny fampanoavana omaly izany.

**T.H**

Ambohimanambola

# Fonosan-drongony 21 sy voany iray tanana sarona

Olona telo no nosamborin'ny zandary tamin'ny alarobia tokony ho tamin'ny 6 ora hariva tao Ampahimanga, kaominina Ambohimanambola distrikan'Antananarivo Avaradrano. Nahatrarana rongony 21 fonosana ireo ary voan-drongony iray tanana. Nogiazana ireo zava-mahadomelina ireo ary natao andrimaso ao amin'ny zandary ireo voasambotra ary mandeha ny famotorana. Tohin'ny didy fisavana trano na « *Mandat de perquisition* » avy amin'ny tonia mpampanoa ao amin'ny fitsarana ambaratonga voalohany Antananarivo no nazahoana izao vokatra izao. Niroso tamin'ny fisavana ny trano izahay niaraka tamin'ny lehiben'ny fokontany tao an-toerana ary ny sefo kartie. Rehefa nosavaina tao dia sarona ireto zava-mahadomelina ireto. Nandritra ny fisavana dia nisy lehilahy iray saika handeha hividy rongony ihany koa tratra tao amin'ilay trano ka tsy maintsy nosamborina, hoy ny fanazavana avy amin'ny zandarimariam-pirenena Zana-tobim-paritra Ambohimanambola. Niakatra fampanoavana omaly ny raharaha ka naiditra am-ponja vonjimaika izy teo ireo.

**Ariel D.**

Ankadikely

# Lehilahy hita faty nitsirara tamin'ny arabe, vaky ny lohany

Lehilahy iray tokony ho 45 taona no hita faty teny amin'ny lalam-pirenena fahatelo Pk 9+800 teny Ankadikely Ilafy ny alin'ny alakamisy hifoha zoma lasa teo. Olona teny an-toerana nahita ity lehilahy teo amin'ny sisin'arabe efa tsy miaina intsony no nampandre ny mpitandro filaminana tamin'io fotoana io tokony ho tamin'ny 2 ora latsaka fahatelony maraina. Raha vantany vao nandre izany ny mpitandro filaminana dia nandeha nidina ifotony teny an-toerana ny zandary telo. Efa nampandrenesina mikasika ity faty hita ity ihany koa ny dokotera avy ao amin'ny tobim-pahasalamana teny an-toerana. Fantatra tamin'ny alalan'izany fa mety voadonan'ny fiara no antony nahafaty io olona io saingy nitsoaka ilay nahavanon-doza raha vao niseho ny loza fa tsy mba nandray ny andraikiny akory. Mety tsy nisy olona nahita ilay zava-nitranga rahateo ka nanararaotra nitsoaka ilay nandona azy. Nandritra ny fizahana ifotony nataon'ireo tomponandraikitra hatrany mantsy no nahalalana fa nahitana potika fitaratra teny an-toerana ary hita ihany koa fa nisy vaky ny lohan'ilay lehilahy hita faty io. Ny fanampim-panazavana no nahalalana fa tsy manana toeram-ponenana ity farany. Tsy nisy taratasy nahafantarana ny mombamomba azy ihany koa teny aminy. Taorian'ny fizahana natao dia efa naterina teny amin'ny tranom-patin'ny hopitaly HJRA ny razana.

**T.H**

## Tatsy sy taroa

***#Basim-borona iray sy poleta vita gasy iray ary bala 8, miampy ody gasy maro no tratra tao amin'ny tokantran'i dahalo iray tao Edroa, kaominina Sihanamaro distrikan' Ambovombe.*** Ity farany izay karohina mikasika ny fanafihana mitam-piadiana tao Ampisopiso distrikan' Ambovombe, faritra Androy. Marihina fa efa nisy dahalo 3 namany no maty nandritra ny fifandonana ka ny 3 ambiny ireto karohina. Iray kosa no voasambotra ary rehefa nanontaniana dia nanambara ny tranon'io namany tao Sihanamaro io. Tsy tratra tao anefa ilay dahalo fa ny tranony no nosavaina ka nahitana ireo fitaovam-piadiana ireo

***# Mifarimbona amin'ny vahoaka any amin'ny faritra Avaratry ny Nosy*** amin'ny fanarenana ireo simba vokatry ny fandalovan'ny rivodoza Cheneso ny miaramila avy ao amin'ny « ZDS Ankarana », izay tarihin'ny Jeneraly Montrouge Fitzerald. Anatin'izany ny fanarenana ny trano fonenan'ireo mponina sy fanalàna ireo hazo nidaboka noho ny rivo-mahery.

**Ariel D.**

**Gazetiko**
novokarina sy natontan'i
MIDI MADAGASIKARA S.A.
Sosaiety tsy anavahana anarana manana renivola
Ar 37 452 000
Talen'ny Fanoratana :
Lucien RAHARISON
034 34 697 06
Talen'ny Famoahana sady Tonian'ny Fanoratana :
Herivonjy RAJAONAH
034 34 697 10
Birao sy fandraharahana :
Lalana Ravoninahitriniarivo
B.P. 1414 - Antananarivo
Tél.: 22 697 79 / 22 697 80
Fax. 22 273 51
e-mail:midigazetikom@gmail.com
D.L.I.: 15 896 - 01 - 23
Isan'ny natonta : 25 000

## Nahandro

**Lasopy amin'ny tongolo be**

Zavatra ilaina : tongolo be 3, dibera 2 sotro lehibe, lafarina 2 sotro lehibe, dita ½ sotro kely, mofo endasina, fromazy, ranona jumbo omby

Endaso amin'ny dibera ny tongolo be rehetra voatetika. Rehefa mendy dia tsoahy ny afo. Araraho anatin'ilay vilany ny lafarina dia araraho ao ny ranona jumbo, ny dità. Andrahoy 10 mn. Raha misy lafaoro dia ataovy anaty lafaoro isaky ny baolina tsirairay avy miaraka amin'ny mofo nendasina sy fromazy. Raha tsy misy lafaoro dia masaho tsara fotsiny dia arosoy mafana dia araraho eo amboniny ihany ny mofo mendy sy fromazy.

## Manal azy de mimeme



## Sarisary zary tenany

*Tena izy*




## Hatsikana an-tsary

*Maditra*




### Masoandro Miposaka

**Salamo 95 : 1**

Avia, aoka isika hihoby ho an'i Jehovah; Aoka isika hanao feo fifaliana ho an'ny Vatolampy famonjena antsika.

### Indray mipika





Nanatontosa ny pejy

Nil : Tel: 033 07 465 05




Tantara sy sary: Nil

### Ohabolana



**Bingo mahafeno lalana.**

Un bancal remplit le chemin.

### Sudoku

Fenoy isa 1 hatramin'ny 9 ny banga. Aoka tsy hiverina ny isa isaky ny andalana na ao anaty faritra efajoro.

Laharana 2861

| | | | | | | | | |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| | 1 | | 5 | 3 | | 8 | | |
| | | 2 | | | | | 1 | |
| | 5 | 6 | | | 8 | | 3 | |
| | | | | | | 5 | 8 | |
| | | | | | | | 7 | 6 |
| 8 | | | | | | 1 | | 4 |
| 6 | 7 | 1 | | 5 | | | | |
| | | | 1 | | 7 | 2 | | |
| 9 | | | 8 | | 4 | | | |

Valin'ny laharana 2860

| | | | | | | | | |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| 2 | 4 | 1 | 3 | 8 | 9 | 6 | 7 | 5 |
| 5 | 8 | 7 | 1 | 2 | 6 | 9 | 4 | 3 |
| 9 | 3 | 6 | 4 | 7 | 5 | 8 | 1 | 2 |
| 6 | 7 | 4 | 8 | 5 | 3 | 2 | 9 | 1 |
| 8 | 2 | 5 | 9 | 1 | 7 | 3 | 6 | 4 |
| 1 | 9 | 3 | 2 | 6 | 4 | 7 | 5 | 8 |
| 3 | 6 | 2 | 7 | 4 | 1 | 5 | 8 | 9 |
| 4 | 5 | 8 | 6 | 9 | 2 | 1 | 3 | 7 |
| 7 | 1 | 9 | 5 | 3 | 8 | 4 | 2 | 6 |

Fanovana ny governemanta

# "Tompon'ny teny farany ny filohan'ny Repoblika", hoy ny PM Ntsay Christian

*Milaza ho manaiky fandaminana sy vonona hiala ity lehiben'ny governemanta ity raha tsy afa-po tamin'ny asa vitany ny Filoha Andry Rajoelina.*

Efa andro maromaro izao no resahina betsaka eny amin'ny fampahalalam-baovao sy ny tambajotra sôsialy ny tokony hirosoan'ny mpitondra, amin'ny fanovàna ny mpikambana ao amin'ny governemanta. Amin'izao fotoana izao dia tsikaritra ho ny mpanohana ny fitondrana mihitsy no efa mitaky ny tsy tokony hisalasalan'ny Filoham-pirenena, handray fanapahan-kevitra ka hanilika izay sakana tsy ahafahan'ny mpitondra manatanteraka ny fampanantenana nataony. Mikasika izay resaka fanovana governemanta izay hatrany, naneho ny heviny mikasika izany ny Praiminisitra Ntsay Christian raha nivahiny tao amin'ny fandaharana "ady hevitra" mandeha amin'ny haino aman-jerim-panjakana isaky ny zoma, omaly. Nandritra izany, tsy nivilivily ity filohan'Andrimpanjakana etsy Mahazoarivo ity raha nilaza fa na dia resahina matetika aza ny mety hisian'ny fanovâna dia ny Filoham-pirenena Andry Rajoelina irery ihany no tompon'ny teny farany.

**Tsy ho kandidà**

Mikasika ny tenany manokana, milaza ho manaiky fandaminana sy vonona hiala amin'ny toerana maha Praiminisitra azy izy raha tsy afa-po tamin'ny asa vitany ny Filoha Andry Rajoelina. Na izany na tsy izany, tsikaritra ho mbola mikaroka ny fomba hiarovan-tena sy hahamarintoerana azy hatrany ny Praiminisitra Ntsay Christian. Nosokajiany ho kajikajy politika hanakorontanana sy hanozongozonana ny fitondrana ireny fanangonantsonia, nokendrena hanaovana fitsipaham-pitokisana ny Praiminisitra teny Tsimbazaza farany teo ireny. Ary dia nitaona ny rehetra hiandry fifidianana sy hanaja ny fifandimbiasam-pahefana ara-demokratika ny tenany tamin'izany. Farany, nambarany ihany koa fa tsy ho isan'ny kandida hifaninana amin'ny fifidianana filoham-pirenena manaraka eo ny tenany.

**Mamy R.**

Bongolava Tsiroanomandidy

# Mitaky ny fialan'ny Governora ny vahoaka

Saro-toerana ! Rakitra ny fihetsiketsehan'ny vahoaka marobe tao Tsiroanomandidy omaly. Fidinana an-dalambe izay mitaky ny fialan'ny Governoran'i Bongolava ny jeneraly Joseph Ramiaramanana. Ireo olom-boafidy eny ifotony izay ahitana ireo Ben'ny tanàna avy amin'ity faritra ity niaraka tamin'ny depiote no nitarika ny hetsika tamin'ny alalan'ny fanaovana diabe sy famoriam-bahoaka goavana nanoloana ny Tranompokonolona tao an-toerana. Nambaran'ireo solotenan'ny vahoaka izay nandray fitenenana fa leo tanteraka ity Governora ity izy ireo. Nampiaka-peo ireto farany fa sakana ho an'ny fampandrosoana ny faritr' i Bongolava ny fijanonan'ity olom-boatendry ity eo amin'ny toerany. Nilaza ireo Ben'ny tanàna fa tsy manao afa-tsy fanenjehana ireo olom-boafidy eny ifotony izay tsy mitovy hevitra aminy ity Governora ity. «*Ny zavatra tahaka izao dia hita fa manimba endrika tanteraka ny Filohan'ny Repoblika izay nanendry azy* », hoy ireo nandray fitenenana. Mbola nanamafy moa Ing Solombavambahoaka avy amin'ny IRD fa tsy misy afa-tsy ny fialan'Atoa Governora no vahaolana avy amin'izy ireo.

**Valy bontana**

Toe-javatra efa fahita matetika tao andrenivohitr'i Bongolava tato ho ato ny fisiana hetsika politika sy fidianana an-dalambe tahaka izao. Karazan'ny valy bontana ihany mantsy ny hetsika nataon'ireo Ben'ny tanàna niaraka tamin'Atoa depiote. Vao tsy ela akory izay fa tamin'ny 6 janoary lasa teo no nisy hetsika fidinana an-dalambe nataon'ireo mpomba an'Ing Governora izay nitaky ny fanalana amin'ny toerany ny Préfet tao Bongolava. Karazan'ny nahazo rariny izy ireo satria, tamin'ny 12 janoary lasa teo no nilatsaka ny fanapahan-kevitry ny Filankevitry ny minisitra nanala ity Préfet ity tamin'ny toerany. Asa na hitovy tahaka izany ihany koa ny vokatry hetsika niseho omaly tany an-toerana na tsia. Samy miandry izay tohiny araka izany ny rehetra.

**JUDD**

RN 2 - Manoloana ny fitokonana

# Nifampidinika tamin'ny minisiteran'ny Asa Vaventy ny mpitatitra

Nizotra tao anatin'ny filaminana ny dinika nifanaovan' ny minisiteran'ny Asa Vaventy, notarihin'ny sekretera jeneraliny, Rasolomanana Andriamalala Richard Hajatiana sy ny solontenan' ny mpitatitra nahitana ny avy ao amin'ny ATC sy GRTM ary ny APTR. Fihaonana notanterahana, taorian'ny taratasy nalefan'ny mpitatitra, nivantana tamin'ny minisitera maneho ny fangatahan' izy ireo ny tokony hanamboarana ny lalam-pirenena faha-2 ; faha-4 ; faha-3 ; faha-5, faha-6 ; faha-7 ; faha -34...Antony, misesisesy loatra ny lozam-piarakodia mahazo ny mpitatitra sy ny fitaintainana ka nahatonga ireny fitokonana fanairana ireny, hoy ny solontenan'ny mpitatitra. Fangatahana izay mifanandrify indrindra tamin'ny fanapahan-kevitra noraisina, nandritra ny filan-kevitry ny minisitra, tamin'ny 18 janoary lasa teo, hoy ny sekretera jeneraly. Nomarihin'itsy farany fa antony tsy ahafahana manohy ny fikojakojana ny lalana ny fanohizana ny fanaraha-maso ny asa vitan'ireo orinasa nikojakoja ny lalana, mialoha ny handoavana ny volan'izy ireo.

**Hitohy ny fifampiresahana!**

Araka ny fanazavana nomen'ny sekretera jeneralin' ny minisitera dia ny 175 amin'ireo 283 nanaovana « audite » no efa voaloa ny volany. Rehefa mifarana tanteraka izany ny fitsirihana vao afaka ampiasaina ny vola natokana hikojakojana ny lalàna. Tsy midika anefa izany fa tsy hotohizana ny asa, hoy ny solontenan'ny minisitra satria hatomboka amin'ny 15 febroary ho avy izao ny asa maika, hanapenana ny lavaka amin'ireo lalam-pirenena simba ireo. Asa kendrena hifarana amin'ny faran'ny taona. Efa any an-toerana ny fiara vaventy hanamboarana ny lalam-pirenena faha-2 ary eo am-pamaranana ny fomba-fomba takiana, mialoha ny hanombohan'ny asa ny mikasika ny lalam-pirenena faha-34 ohatra. Aorian'ny fahavitan'ny fomba fomba takian'ny mpamatsy vola dia hanomboka ny asa maharitra, hikojakojana ny lalam-pirenena.Tapaka nandritra io fivoriana omaly io fa hitohy ny fifampiresahan'ny andaniny sy ny ankilany, hanatsarana ny fomba fiasa.

**V.R.**

> ## Marina izany !
>
> ### Nandravarava !
>
> **Vao rivodoza voalohany amin'ity taona ity dia iny efa nandravarava ny faritra Avaratra sy Atsinanan'ny Nosy. Maherin'ny roa arivo no fantatra fa traboina any amin'iny faritra Analanjirofo iny. Marina fa azo lazaina ho somary maivana ny voka-dratsy naterany, miohatra amin'ny rivodoza nandalo teto, tamin'ny taon-dasa izay mbola tsy voarina tanteraka ny vokany tany amin'iny faritra Atsimo Atsinanan'ny Nosy iny. Na izany asa, tsy azo tsinontsinoavina fa mavesatra io tarehimarika io ho an'ny mpiray tanindrazana amintsika iharan'izany, indrindra ho an'ny firenena efa latsaka tanteraka ao anaty lavaka mangitsokitsoky ny fahantrana, noho ny antony salmihafa. Niampy an'ireo indray izany ny mpiray tanindrazana tsy manan-kohanina sy tsy manan-kisitrihana. Hatramin'ny omaly dia mbola ny mpitandro filaminana no lohalaharana, manao izay ho afany hanavotana ireo olombelona dobo anaty rano ny trano fonenany. Fotodrafitrasa marefo rahateo izy ireny satria vita amin'ny hazo ny ankamaroany. Ny andrasan'ny maro amin'izay izao dia ny hoe: Inona no vahaolana ao anatin'ny fotoana fohy entin'ny fanjakana hanampiasa ireo tra-pahasahiranana ireo. Manana andraikitra goavana amin'izany ny Birao Nasionaly Misahana ny Tadindon-doza sy ny Loza. Manoloana izany, maro ny fanontaniana manitikitika ny saina toy ny hoe: Efa eo am-pelatanana ve ny hoenti-manana sa mbola miandry fanampiana avy amin'ny mpiara-miombon'antoka amintsika any ivelany ? Mananana andraikitra makadiry toy izany koa ny minisiteran'ny Mponina sy ny Fiahiana Ara-tsôsialy ary ny Fampandrosoana ny Vehivavy, araka io anarana entiny io. Renim-pianakaviana sy zaza avokoa mantsy ny ankamaroan'ireo marefo ireo !**
>
> Voahangy Rakotozafy

Norbert Lala Ratsirahonana

# Tsy hanaiky intsony ho tendrena na hofidiana amin'ny toerana politika



Nisotro ronono amin'ny fanaovana politika eto amin' ny firenena Ing Norbert Lala Ratsirahonana. Nohamafisiny izany omaly teny Ilaivola Ivato fa tsy hanaiky intsony ho tendrena na hofidiana amin'ny toerana politika ny tenany. Araka izany, efa nilaozany tanteraka ny fitadiavana seza amin'ny alalan'ny fanaovana politika. « *Tsy hanao Filohan'ny Senat izany aho, ary tsy mieritreritra hanao na inona na inona intsony. Ny AVI aza najaniko ka mainka fa handray andraikitra anaty fanjakana ?*», hoy izy raha namaly ny fanontanian'ny mpanao gazety. Karazan'ny manamafy ny voalazany tany Toamasina momba ny fialany tsy ho mpitarika ny antoko AVI intsony ity fanambarana ity. Hentitra kosa izy raha nilaza fa raha adihevitra dia vonona hatrany Atoa Ratsirahonana hitondra ny fanehoan-kevitra sy toromarika ho an'izay mila izany. «*Isan'andro dia misy mangataka fihaonana amiko foana ary tsy misy laviko izany* », hoy ihany izy. Ankoatra ireo nitondrany fanazavany ny antony hanatonga azy teny Iavoloha farany teo. Nambarany fa fanatrehana ny fifampiarahabana ny Filoha mivady noho ny Asaramanitra amin'ny maha Filoham-panjakana azy teo aloha no nahatonga azy teny. Mikasika ny antoko AVI manokana, dia mbola mitohy ary tsy hijanona ny fameloma-maso ireo mpikatroka eny ifotony.

**JUDD**

Depiote Dina Rakotomalala

# "Hitoka-monina tanteraka noho ny làlana ratsy ny vahoakan'i Fandriana"

Tsy mitsahatra ny manaitra ny mpitondra fanjakana mba hanamboatra ny lalam-pirenena faha- 41 mampitohy an'Ikelikapona sy Fandriana solombavambahoaka Taratriniaina Dina Rakotomalala. Omaly, tsy nivilivily ity olom-boafidy ity raha nilaza fa iray amin'ireo làlana ratsy indrindra eto Madagasikara ny RN-41 ary raha tsy misy ny fanamboarana haingana dia ho lasa distrika mitoka-monina Fandriana ato ho ato. Notsipihany tamin'izany fa tsy azo diavina intsony ny làlana ka dia maty andàlana ny marary ary miferin' aina noho ireo fitaovana simba vetivety ny mpampiasa fiara amin'iny làlana iny. Tsy vitan'izany ihany, hoy hatrany ny fanazavany fa dia mandositra azy ireo ny mpandraharaha ara-toekarena ary tsy tafavoaka any an-tanan-dehibe ny vokatra.

**Fampanatenana tsy tanteraka**

Araka izany, manao antso avo amin'ny mpanatanteraka mba hanao laharam-pahamehana ny fanamboarana io lalam-pirenena io ity depiote voafidy tamin'ny anaran'ny IRD tany Fandriana ity. « *Mizaka ny tsy eran'ny aina noho ny haratsian'ny làlana izahay. Ganagana no mandro ao amin'ny RN-41. Tsy latsaky ny roapolo ny lavaka lehibe itobian'ny rano mankany Fandiana amin'izao fotoana izao. Isan'ny fampanantenana nataon'ny filoha nandritra ny fampielezan-kevitra anefa ny fanamboarana io làlana saingy mbola tsy tanteraka izany hatramin'ny omaly. Koa raha mbola tsy nolavina ny fangatahanay dia fotoana tokony hirosoana amin'ny fanamboarana azy ankehitriny* », hoy ny solombavambahoaka Taratriniaina Dina Rakotomalala tamin'izany.

**Mamy R.**

Rivodoza Cheneso

# Nisy maty 1, niakatra 2 684 ireo traboina

*Tao Maroantsetra avokoa ny 2 224 tamin'ireo traboina.*

Mihalevona tsikelikely ilay rivodoza Cheneso. Navesatra ny takaitra navelany hatramin' ny nidirany an-tanety tamin'ny afakomaly maraina tao Antalaha. Araka ny fampitambaovao ofisialy avy amin'ny BNGRC (Bureau National de Gestion des Risques et des Catastrophes) omaly, dia nisy zazalahy kely, 1 taona sy tapany, maty latsaka andrano, nandritra ny famindrana toerana tao anatin'ny tondradrano, tao amin'ny fokontany Ambalamanasy II, distrikan'Andapa, faritra SAVA. Mbola misy zazalahy, 10 taona, tsy hita popoka lasan'ny rano tao amin'ny fokontany Ambolobozobe, distrikan'i Diego II, faritra DIANA. Olona 2 684 avy amin'ny tokatrano 796 no traboina vokatry ny fiakaran'ny rano tany amin'ny faritra Analanjirofo sy Sofia. Nisy traboina 2 224 tao amin'ny distrikan'i Maroantsetra, 250 tao vavatenina, ary 210 tao Bealalana. Olona 214 no voatery nafindra toerana ary noraisina tao amin'ny CSB Ambinanitelo sy ny "Site Médair", distrikan'i Maroantsetra. Maro ireo lalana tapaka noho ny fiakaran'ny rano. Tapaka tanteraka amin'ny fifamoivoizana ny lalana mampitohy an'ny distrikan'i Moramanga sy Anosibe an'ala eo amin'ny teboka kilometrika PK 38. Tapaka eo amin'ny PK 28 sy 29 ny lalam-pirenena faha-22 mampitohy an'ny distrikan'i Vavatenina sy Mahambo. Tondraky ny reniranon'i Saranindona ny lalana eo anelanelan'i Vavatenina sy Miarinarivo. Tondraky ny reniranon'i Maningory ny lalana mampifandray an'i Vavatenina sy Ambatoharana. Tapaka eo Masiaposa, 10 kilaometatra tsy hiditra an'Andapa, ny lalam-pirenena RN3b.

**R. Muray**

Toliara II

# Miandrandra fampandrosoana ny vahoaka

Mahatsiaro ho adinon'ny fanjakana ny vahoaka ao amin'ny distrikan'i Toliara II. Velon-taraina izy ireo manoloana ny fanjakazakan' ny tsy fandriampahalemana noho ny tsy fisian'ny asa sy ny fiantraikan'ny fiovaovan' ny toetr'andro eo amin'ny fambolena sy ny fiompiana. « *Nanao fanekena hampiroborobo ireo tetikasam-pampandrosoana ny Filoham-panjakana, amin'ny alalan'ny fampandehanana ireo tetikasa mihitsoka sy ny fametrahana tetikasa hafa any amin'ireo faritra mbola tsy misy.* », hoy i Dada na Jummerman, Ben'ny tanànan'i Tsianisiha. Namelona ny fanantenan'ireo vahoaka tany an-toerana ny fisian'ny tetikasa fitrandrahana fasimainty nataon'ny Base Toliara. Tsy lasa lavitra akory anefa ity tetikasa ity dia efa naaton'ny fanjakana, ary efa telo taona mahery izao no nitsaharany. *"Nihatsara ny fari-piainanay tamin'ny fotoana niasan'ity tetikasa ity. Nihena ny tsy fandriampahalemana, satria nisy ny asa. Nisitraka tetikasa sôsialy maro izahay toy ny fampidirana rano fisotro madio ho an'ny vahoaka an'arivony."*, hoy i Tovo Lahaniriko, filohan'ny Dinabe ao amin'ny kaominina. Maro ireo zanaky ny kaominina efa nahita tombony, satria nisy 24 nampanaovina fiofanana tany Kenya ary tanora anjatony hafa nanaraka fiofanana arak'asa teto an-toerana. Toa an'ireo tanora marobe ao Atsimo Andrefana anefa dia tsy an'asa izy ireo ary tsy afaka nampihatra ny fiofanana azony noho ny tsy fisian'ny orinasa mandray. Misy amin'izy ireo no manao asa tsy mifanaraka amin'ny fiofanana sy ny fianarana nataony toy ny mitondra bisikileta posy ary misy mandeha miasa any amin'ny faritra hafa, saingy tsy mifanaraka amin'ny asa vitany sy ny mari-pahaizany ny karama azo.

*Tsy an'asa ireo tanora, ka anisan'izany ireo 24 nofanin'ny Base Toliara tany Kenya sy ireo tanora an-jatony hafa nofanina teto an-toerana.*

**Mangataka**

Eo anatrehan'izany, miantso ny fanjakana ireo vahoaka ao amin'ity distrika ity mba hampandeha ny tetikasa Base Toliara, ary miantso ireo minisitra sy manampahefana zanaky ny faritra mba hanohana ny fitakian' izy ireo. *"Mitaky ny fanokafana ny Base Toliara izahay. Tsy manana asa na ny lahy na ny vavy. Mandeha amin'ny kilaometatra maro izahay vao afaka mandafo ireo vokatra. Tsy manan-kohanina izahay ary mangataka vahaolana maika, ka anisan'izany ny Base Toliara."*, hoy Fameno Julienne, renim-pianakaviana mipetraka ao amin'ny kaominina Maromiandra. Tsy nihambahamba koa Ramanoel, mponina ao amin'ny fokontany Ranobe, nitondra ny antso iombonan'ny vahoaka ao amin'ity fokontany ity mikasika ny fangatahana ny fanokafana ny Base Toliara mba hitondra famoronana asa ho azy ireo.

**R. Muray**

Faritra arovana

# Miampy 15 isa ny faritra arovana hisitraka famatsiam-bola avy amin'ny FAPBM

Mihazakazaka ny fahapotehan'ny faritra arovana noho ny fahasimban'ny ala eto amintsika. Amin'ireo faritra arovana 123 misy eto Madagasikara, niampy 15 ireo hisitraka famatsiam-bola isan-taona. Hatreto izany, 64 ireo mahazo tohana avy amin'ny « Fondation pour les Aires Protégées et la Biodiversité de Madagascar » izay mitentina 17,9 miliara ariary. Velarana faritra arovana 5 286 000Ha no hisitraka izany famatsiambola amin'ity taona ity izany hoe ny 70 isanjaton'ny velaran'ny faritra arovana eto Madagasikara. Anisan'ireo 15 vaovao ireo Andasibe Mantadia, Analamerana, Ambohitantely, Analamaozatra, Bezaha Mahafaly, Cap Ste Marie sy ny maro hafa. Vokatry ny fandraisana anjaran'ny KFW amin'ny renivolan'ny FAPBM ny taona 2021, ary an'ny tahirim-bola maneran-tany ho an'ny tontolo iainana sy Conservation International ny taona 2020. Anisan'ny antony nisafidianana ireo faritra arovana ireny ny lanjan'ny zavamanan'aina ao aminy sy ny tsindry mihatra aminy. Nitombo 43% eo ho eo ny totalin'ny famatsiam-bola ataon'ny FAPBM ho an'ny faritra arovana, raha mitaha amin'ny taona 2022. Mba hisy fiantraikany tsara amin'ireto faritra arovana ireto ny fanampiana azy ireo. Mazava ho azy hisintona mpizahatany ka hampiditra vola vahiny betsaka ho fampandrosoana ny faritra misy ireo faritra arovana sy Madagasikara.

**Nath**

## Topimaso

* **Mikatona vonjimaika ny faritra arovana Andasibe Mantadia** sy ny faritra arovana Analamazaotra vokatry ny fiakaran'ny rano. Io no fanambarana nataon'ny Madagascar National Parks omaly. Anisan'ireo toerana nandalovan'ny andro ratsy ireo faritra arovana roa ireo ary tsy afa-bela. Misy ampahan-dalana tsy azo hidirana mihitsy mantsy. Misy amin'ireo biby ihany koa voatery mitady toerana avo eo anatrehan'izany rano miakatra izany.

* **Maro ireo fotodrafitrasan'ny Jirama no simba** taorian'ny fandalovan'ny rivodoza Cheneso indrindra tany SAVA. Tany Antalaha, fotodrafitrasa famatsiana herinaratra toy ny bakoly mahery vaika am-polony simba, andrin-jiro MT sy BT ampolony ary maherin'ny 15 ireo fampifandraisana herinaratra amin'ny Jirama no tapaka. Vokatry ny tany mihotsaka, tapaka ny lalana ao Beradaka sy Ambodifamba ka tsy afaka mivezivezy ny kamio mitatitra solika. Tany Sambava kosa, "isolateurs chaines" maromaro no vaky niampy vata mpanovo herinaratra na "transformateur" mahery vaika. Niasa mafy ny teknisianina ka efa saika miverina amin'ny laoniny avokoa ny famatsiana herinaratra ao Sambava.

* **Tsy misy ahiana intsony ny rivotra miaraka amin'ilay rivodoza Cheneso**. Foana avokoa noho izany ny filazana loza rehetra. Na izany aza anefa, mbola mitoetra ny rotsak'orana betsaka hatramin'ny fiandohan'ny herinandro indrindra any amin'ny distrikan' Ambanja, Bealanana, Antsohihy, Analalava, Boriziny, Mampikony, Besalampy, Mahanoro, Marolambo sy ireo distrikan'ny faritra Boeny sy Vatovavy Fitovinany. Mila mailo amin'ny fiakaran'ny rano sy izay mety ho fihotsahan'ny tany ary vato ny rehetra.

**Nath**

Epp Soamanandrariny

# Tsy naharay tambin-karama nandritra ny fito volana ny mpampianatra

*"Efa nomenay iray volana nieritreretana hamahana ny olana ny talenay kanefa hatramin'izay kanefa natao toy ny tsy fantatra akory izahay mpampianatra. Tena miasa izahay ary ny latsakemboka 50400 Ariary avokoa ireo ray amandRenin'ny mpianatra. Ao anatin'io vola io ny karamanay fito volana nefa tsy voaloa hatramin'izao"*, hoy ny solontenan' ireo mpampianatra Fram ao amin'ny Epp Soamanandrariny ny alarobia teo. Raha ny fantatra dia efa nisy ny fihaoana teo amin'ny "commissaire au compte", ny mpitam-bolan'ny sekoly, ny filohan'ny biraon'ny FEFI ary Rtoa talen'ny Epp fa mbola nahazo fadrahonana indray aza ireo mpampianatra mitaky ny karamanay. *"Efa tokony hisotro ronono ireo mpampianatra Fram ireo kanefa mbola niverina niasa eto amin'ny Epp ihay ka tsy tafiditra tamin'ny fandaminan'ny sekoly. Izay no nahatonga ny olana amin'ny fandoavana ny tambin-karaman'ny mpampianatra"*, hoy ny talen-tsekoly. Nitsotra aza moa ity farany fa nanao fahadisoana izy tamin'ny fandaminana sy nametrahana an'ireo mpampianatra efa nisotro ronono noraisina kanefa tsy tafiditra tamin'ny TPA intsony. Fantatra fa efa nisy ny fifandaminana natao ka dia efa nomea tambin-karama 5 volana ireo mpampianatra tsy mbola nahazo ny tambinkaramany ary mbola misy 2 volana ambiny tsy mbola voaloa. Ankoatran'izany dia nitaraina ny amin'ny tsy fandoavan'ny Epp ny karama farany ambany ihany ireo mpampianatra Fram kanefa dia efa napetraky ny Filohampirenena ho 200 000 Ariary ny karama farany ambany. Tsy nisitraka an'izany ireo mpampianatra fa dia 150 000 Ariary isam-bolana izy ireo. Miandrandra ny vahaolana mahomby sy maharitra avy amin'ny tomponandraikitra ireo mpampianatra Fram.

**Heriniaina A.**

Fanatsarana ny fari-piainan'ny mponina

# Notokanana ny fotodrafitrasa tany Amboasary atsimo



**Ireo tomponandraikitra nandritra ny nanapahana ny "ruban".**

Fotoan-dehibe ho an'ny distrikan'Amboasary atsimo ny nitokanana ny fotodrafitrasa ho fanatsarana ny fari-piainan' ireo mpiara-belona tany amin'ny fokotanin'Anjàmahavelo, kaominina Ifotoka izay, notokanana omaly. *"Tsy fanampiana amin'ny alalan'ny fizarana sakafo ho an'ireo mpiara-belona marefo ara-pivelomana araka sy fahafantarana azy ihany, no ataon'ny ny PAM, fa mitondra ny anjara birikiny amin'ny fanovàna maharitra mankany amin'ny tsaratsara kokoa, ny fari-piainan'ireo mpiara-belona eny amin'ny tontolo ambanivohitra amin'ny alalan'ny tetik'asa Transformation Rurale Rapide de Madagascar"*, hoy Atoa Raharimbola Jocelyn, Governoran'ny Faritra Anosy tany an-toerana. Isan'ny vita tamin'izany ny fanorenana ny fotodrafitrasa iray izay misy herinaratra azo avy amin'ny herin'ny masoandro ao amin'ny fokontany Anjàmahavelo ao amin'ny distrikan'Amboasary atsimo izay vao notokanana omaly. Izany dia vokatry ny fiaraha-miasan'ny Fitondram-panjakana sy ny "Programme Alimentaire Mondial". *"Voavaha ny olana amin'ny filàna herinaratra mba hiatrehana ireo asa fampidiram-bola ho an'ireo tantsaha ary fanamby napetraky ny Filohampirenena Andry Nirina Rajoelina, ny hitondrana hazavana ho an'ny Malagasy rehetra"*, hoy hatrany ny Governoran'ny Faritra Anôsy Jocelyn Raharimbola nandritra ny fitokanana ity fotodrafitrasa ity. Tonga nanotrona izany lanonana izany koa ny Delegasiona eo anivon'ny PAM avy any Rôma izay teo ambany fitarihan'Atoa Manoj Jenuja izay tale mpanatanteraka lefitra ny PAM.

**Heriniaina A.**